# Sahanasa fandalinana 2: Mikatsaka izay hanaovana ny sitrapon'ny Tompo tsy mitandro hasasarana

Mieritrereta fotoana iray nangatahana anao hanao zavatra iray izay toa tena sarotra. Nanome didy sarotra an'i Nefia mpaminany ny Tompo tamin'ny fotoana nangatahiny azy hiantso ny Nefita ratsy fanahy hibebaka. Na dia sarotra aza izany, dia niasa tamim-pahazotoana mba hanarahana ny sitrapon'ny Tompo i Nefia.

Vakio ny Helamàna 10:4–5 ary tadiavo ny zavatra nolazain'ny Tompo tamin'i Nefia vokatry ny fahatokiany.

Fahamarinana iray izay azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ireo ny hoe rehefa mikatsaka ny hanao ny sitrapon'ny Tompo isika ary manompo azy tsy mitandro hasasarana, dia hitahy antsika amin'ny lafiny maro ny Tompo.

- Inona no mety hahasarotra ny hoe te hanao ny sitrapon'ny Tompo?
- Inona no azonao tsaroana momba ny Tompo ka hahamora kokoa ny fanarahana ny sitrapony fa tsy ny anao?

Ny teny hoe *tsy nitandro hasasarana,* nampiasaina ao amin'ireo andininy ireo dia midika hoe tsy nety vizana na nazoto.

- Inona avy no fomba sasantsasany nanompoan'i Jesoa Kristy ny Ray any An-danitra tsy nitandroany hasasarana?
- Ahoana no mety hahafahanao manompo ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy tsy mitandro hasasarana amin'izao androntsika izao?

Mieritrereta tanjona iray azonao atao hikatsahana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra sy hanompoana azy tsy mitandro hasasarana. Hevero ny hirakitra an-tsoratra ny tanjonao ao anatin'ny diary fandalinanao.

# Sahanasa fandalinana 3: Ny herin'ny famehezana

Alaovy sary an-tsaina ny Tompo manome anao hery hanaovana izay rehetra angatahinao Aminy. Andriamanitra dia niteny tamin'i Nefia mpaminany fa hanome ny zavatra rehetra irian'i Nefia satria "tsy hangataka izay mifanohitra amin'ny sitrapon' [Andriamanitra]" izy (Helamàna 10:5).

Vakio ny Helamàna 10:7, hitadiavana ny iray amin'ireo zavatra nanomezan'ny Tompo hery an'i Nefia ny hanao azy.

Ny hery voafaritra eo amin'ny andininy 7 dia antsoina hoe herin'ny famehezana. Manomboka eo amin'io andininy io dia, ianarantsika fa ny herin'ny famehezana dia mamatotra sy mamaha etỳ an-tany sy any an-danitra. Mety hanampy ny fahafantarana fa ny hoe mamatotra dia midika hoe mampifandray ary ny hoe mamaha dia mampisaraka.

Ilay herin'ny famehezana voaresaka ao amin'ny andininy 7 dia ilay herin'ny famehezana nohazonin'i Elia (jereo ny 1 Mpanjaka 17:1), sy Petera ary ny apôstôly (jereo ny Matio 16:15–19; 18:18), ary i Joseph Smith ihany (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:46). Ankehitriny, ny fanalahidin'io hery io dia hazonin'ny Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany sy ireo izay mety hampandraiketiny izany. Io fahefana io no hahafahan mamehy ny fianakaviana hiaraka mandrakizay amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny tempoly.

- Nahoana, araka ny hevitrao, no tian'ny Ray any An-danitra hanao fanekempihavanana izay mihatra amin'ity fiainana ity sy ny fiaianana ho avy isika?
- Inona no fitahiana azonao tamin'ny alalan'ny fahalalana fa afaka ny ho fehezina mandrakizay ny fianakaviana?
- Ahoana no iantraikan'ny fahalalana eo amin'ny fisainanao na safidinao amin'izao fotoana izao momba ny fahafahana mampiray mandrakizay ny fianakaviana?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.
PD60013873_654_363-teacher_handout-2
PD60013873_654_363-teacher_handout-3